TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

DINGANA FAHA: 4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Amboasary Atsimo

Daty: 10-11-12 Jolay 2014

FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA **3**

TANTARA **4**

FIZOTRY NY ATRIKASA **5**

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA 5

HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA 5

VOKATRA AZO **7**

FANAMBY **8**

ASA MANARAKA **8**

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA **9**

TOVANA B : FANAMARINAM-PAHATONGAVANA **11**

TOVANA D– FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIKASA **13**

FANOLORANA

Ny 10 ka hatramin'ny faha 12 Jolay 2014 dia nivory notontosaina tao amin'ny sekoly ambaratonga voalohany tao Antanambe AMBOASARY SUD ny atrikasa dingana faha efatra.
Ireo mpandray anjara tamin'ny fiofanana dia miisa 25 ka 5 lehilahy ary 20 vehivavy. Avy amin'ireo fikambanana, sosialin'ireo orinasa sy ny kaominina ambonivohitra Amboasary atsimo. Misy amin'izy ireo no efa teo niatrika ny dingana voalohany sy faharoa ary misy ny tsy mbola niatrika. Misy koa ny efa niatrika fiofanana momba ny miralenta. Navitrika dia navitrika tokoa izy ireo tamin'ireo taranja rehetra novelabelarina tao.

Marihina fa nisy taranja tokony hatao tamin'ny dingana faha-5 no nampiofanina tamin'ny faha telo andro ka somary navesabesatra ihany ny fandaharam-potoana.

Voasoratra ao amin'ny fandaharam-potoana daholo ireo taranja nampiofanina araka ny ora naharetan'ny fampiofanana.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER- LINKS.

Ny taona 2012 dia nisy ireo tetikasa mahasahina ny "vehivavy sy ny fifidianana ifotony" izay niarahan'ny Gender Links sy ny fandaharan-asa PNUD mba hampiofanana ireo vehivavy miomana hiatrika ny fifidianana Ben'y Tanana sy mpanolon-tsaina, ny tanjona dia ny hampiakarana ny taham-pandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanampahan-kevitra eny anivon'ny kaominina.

Nosafidina manokana hakana kaominina 4 ho ivo toerana mendrika ny faritra Anôsy noho ny maha ambany ny isan'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahankevitra sy ny mbola tena tsy aneken'ny lehilahy, na ny vehivavy koa aza, an'ity miralenta ity.

Dingana lehibe anefa ny ato amin'ny Distrikan'I Amboasary fa dia vehivavy no lany solombavam-bahoaka. Ary amin'izao fotona izao dia maro ireo vehivavy no mikasa hilatsaka ho ben'ny Tanana sy chef fokontany amin'izao fifidiana ho avy manaraka izao.

FIZOTRY NY ATRIKASA

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA

Nosokafan'ny Ben'ny tanàna lefitra tamin'ny fomba ôfisialy ny atrikasa. Nanambara ny Ben'ny tanàna fa tena mbola lavitra ezaka ny fampidirana ny miralenta eo anivon'ny fiaraha-monina eny ifotony eto amboasary atsimo, na dia eo aza ny fahalanian'ny solombavambahoaka vehivavy ato amin'ny distrika. Ny antony dia satria mbola tsy masaka ny fampitana ny miralenta ary mbola vitsy ny fiofananana. Na dia izany aza anefa dia maro ireo vehivavy no hirotsaka ho fidina ho ben'ny tanàna amin'izao fifidianana ho avy izao.

Ny fahitan'ny olona ny ezaka ataon'ny solombavam-bahoaka vehivavy vao lany tamin'ny fifidianana teo momba ny fampandrosoana ny fandriam-pahalemana koa no mandresy lahatra ny maro amin'ny maha tsara ny fitantanan'ny vehivavy.

Rehefa vita ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny atrikasa dia natomboka avy hatrany ny fiofanana. Hita tena navitrika tokoa ireo mpandray anjara nandritra ny fivoriana indrindra fa tamin'ny lohahevitra momba ireo fiheverana raiki-tampisaka izay sarotra fafana mihitsy hoy ireo mpiofana aty amin'ny faritra atsimo. Toy izany koa ny fandravonana ady sy disadisa izay mateti-pitranga koa eo anivon'ny fiaraha-monina. Ny ady tany no tena misy amin'izany sy ny ady lova noho ny tsy anekana fa mpandova ny vehivavy.

HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

ANDRO VOALOHANY

<u>Hevitra fototra iompanan'ny miralenta</u>

- Tokony hampisy ny fiofanana matetika eny anivon'ny fikambanana tsirairay satria dia heverin'ny vehivavy fa tsy azo ovaina ny fiheverana sasantsasany amin'ny anjara asan'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina toy ny mitaiza zaza ny manasa vilia.
- Toy izany koa ireo anjara asan'ny lehilahy miandry omby dia tsy azo ovaina izany hoy ny rehetra fa tokony ny lehilahy ihany no manao izany satria tsy misy ny fandriam-pahalemana.
- Teo amin'ny asa tarika natao dia hita taratra koa ny fampisogadinan'ireo mpiofana ny tsy faneken'ireo ray aman-dreny ny vehivavy ho isan'ny mpandova tany.

Na dia izany aza nefa dia resy lahatra ireo mpiofana fa ny toetra voajanahary ihany no tsy azo ovaina fa sarotra ary mila fotoana ela vao hisy ny fampiharana izany.

Miralenta sy ny fitondrana fanjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana

- Hatramin'ny nahalany solombavambahoaka vehivavy dia marisika ny vehivavy hirotsaka ho fidina
- Ny *"operation coup d'arrêt"* izay mampangingina ny asan-dahalo ao Amboasary atsimo dia dingana lehibe amin'ny fankasitrahan'ireo vahoaka ny solombavambahoaka vaovao izay vehivavy ary resy lahatra fa afaka mandray andraikitra tokoa ny vehivavy raha tafiditra ao amin'ny fitondram-panjakana sady misy ny fiovana aterak'izany

ANDRO FAHAROA

Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa

Nafana dia nafana tokoa ny ady hevitra teto amin'ity lohahevitra ity. Ny ady ataon'ny olona eo amin'ny fandaminana ny paompin-drano no nanaovan'ireo mpizaika sehatra. Tsy dia ampy manko ny paompy ao Amboasary ka lava be ny filaharana sady tsy misy ny *"canal"* fanarian-drano ka any amin'ny tokotanin'olona no mandeha ny rano very. Ny rano paompy koa matetika tsy mandeha ka any amin'ny ranon'i mandrare no maka rano ny olona ka rano tsy madio nefa mamy fa ny rano Jirama madio nefa masira.

Nisy koa ny seho sehatra momba ny ady tany ka hita taratra tao ny fifindramonina izay tena fanaon'ny mponina eto amin'ity faritra ity ka ny zanaka izay mipetraka an-tanàna no mivarotra ny tany nefa vehivavy io ka rehefa tonga an-tanàna ny lehilahy avy any lavitra izay atao hoe tompon'ny tany dia tonga amin'izay ny ady.

Foto-kevitra sy pôlitika hahatongavana amin'ny Miralenta

Nazava tsara tamin'ny mpizaika ny momba ny filàna fototra andavan'andro izay voavahan'ny fanomezana vola na toro hevitra mitovitovy amin'izany ka mora voavaha eo noho eo fa tsy maharitra sy ny filàna maharitra mila paikady izay mila fiofanana sy drafitrasa maty paika mba hampisy fampandrosoana.

Rehefa niroso tamin'ny tatitra sy antontan'isa manavaka ny lahy sy ny vavy dia hita teo ny tsy fahafahampon'ny vehivavy amin'ny sehatra maro.

- Ny JIRAMA, noho izy matetika tapaka sy sarotra ny fahazoana *"compteur"* sy ny paompin-drano tsy mandeha. Nisy mpiasan'ny Jirama ny mpiofana ka nisy ny fanazavan-kevitra.
- Ny fomba fandraisana mpiasa eny amin'ny *"colon"* (izany no fiantson'ny mponin'Amboasary ireo vazaha mpamboly sisal ao) matetika dia ny lehilahy no raisina hiasa fa ny vehivavy atao ankilabao

Ny amin'ny fanaovana ny teti-bola hirosoana amin'ny miralenta dia ny fanadiovana ny tanàna no tena nasian'ny mpiofana tsindrim-peo mba ho vehivavy no handray anjara rehefa misy ny HIMO momba ny fanadiovana ny tanàna.

Toy izany koa ny mba hisian'ny fiofanana amin'ny fomba findramam-bola amin'ireny *"micro crédit"* ireny sy ny fanaovana ara-dalàna ny orin'asan'ny vehivavy. Tamin'ny fotoana nanaovana ny fiofanana dia nisy ny fananganana ny kômity hitantana ny CENAM tao an-tanànan'Amboasary.

ANDRO FAHATELO

Fampandrosoana maharitra (fiovaovan'ny toetrandro)

- Nisy ady hevitra be ihany koa ny momba ny fiovaovan'ny toetrandro satria ny manodidina ny distrikan'Amboasary atsimo dia tany mahavokatra nefa amin'izao dia mihena izany satria betsaka ny doro tanety.
- Miharitra ny ranon'i Mandrare
- Tsy dia misy nefa tetikasa mba ho fanarenana izany ao fa teo aloha no nisy Japonais namboly fantsiolotra nefa efa tsy misy intsony amin'izao.

Herisetra GBV

- Nandritra ny fiofanana momba ny FAA dia voaresaka be ny momba ny tsy fandriam-pahalemana ato amin'ny faritra Amboasary. Efa voavaha tsikelikeky izany ankehitriny nefa manahy ny mpiofana ny mety hivadihan'izao filaminana izao amin'ny valifatin'ireo dahalo rehefa mandeha ny miaramila mpampandry tany.
- Ny tsikaritra koa dia vitsy ny mpamonjy tsena ka mihena ny fidiram-bola fa tsy mahavita mivezivezy ny olona amin'ny fampiasana ny pasipaoro fa sady milahatra ny hanao *"tampon"* izany any amin'ny fokontany na any amin'ny kaominina.
- Ka ny soso-kevitra naroso dia ny mba hisian'ny miaramila mijanona any mba hitohizan'ny fandriam-pahalemana

VOKATRA AZO

- Mpizaika 25 nahazo ny fiofanana ary nahazo ireo tahirin-kevitra mifanaraka amin'ny lahadiniky ny fiofanana
- Resy lahatra amin'ny tokony hialana amin'ireo fiheverana raiki-tampisaka ny mpiofana satria tsapa hoy izy ireo fa sakana amin'ny fampandrosoana izany.

FANAMBY

- Maro amin'ireo mpiofana no mpitarika fikambanana ka fikasan'izy ireo ny hampiofana ireo mpikambana namany.
- Ireo izay miasa any amin'ny orinasa dia hampita any amin'ny mpiara-miasa aminy
- Hampitombo isa ny vehivavy hilatsaka hofidina ho ben'ny tanàna ato amin'ny distrika Amboasary
- Ny fahavitrihanan'ny kaominina hanantanteraka hivohy ny miralenta ary hiarahany amin'ny hery velona rehetra eo an-tanàna.

ASA MANARAKA

DINGANA MANARAKA (DINGANA FAHA 3)

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVONTOERANA MENDRIKA
Dingana faha-4
Firenena: Madagasikara
Kaominina: Amboasary Atsimo
Daty: 10-11- 12 Jolay 2014

Ora	Daty	Iza(Tompon'andra ikitra)
	11 Jolay 2014	
8h 30- 9h	Fisoratana anarana	Mpampiofana
9h- 9h 30	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanàna sy Mpampiofana
9h 30 - 10h	Teny fampidirana sy fanolorana ny zava-kendrena Filazalazana amin'ny mpandray anjara momba ny vokatra andrasana Famelabelarana ny toro lalana mikasika ny fandraisana anjara	Mpampiofana
10h - 10h 15	**Pause café**	
HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA; GENRE ET SEXE		
10h15-11H	Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	Mpampiofana
11h - 11h30	Fahasamihafana voajanahary sys y fahasamihafana novolen'ny fiaraha-monina, eo amin'ny vavy sy ny lahy	Mpampiofana
11h30-12h	Asa isantarika momba ny fiheverana raikin-tapisaka Tatitra isantarika	Mpiofana
12h – 12h30	Fandravonana	Mpampiofana
12h30-13h	Fanontaniana sy valiny	Mpiofana
13h – 14h	SAKAFO	
MIRALENTA SY NY FITONDRANA FANJAKANA ARY NY FITARIHANA MITONDRA FANOVANA		
14H-14H 15	Fahazoana miditra, Fandraisana anjara, Mitondr fanovana	Mpampiofana
14H15_15H30	Asa isan-tarika tatitra isan-tarika	Mpiofana
15H30-15H45	Fanatsarana ny fahaiza-mitarika	Mpampiofana
15H45-16h	Tatitra sy adihevitra andraisan'ny rehetra anjara	Ny rehetra
Andro faha 2		
8h 30- 9h	Filazambaovao Famintinana ireo lohahevitra andro voalohany	Mpiofana
Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa		
9h - 9h30	Inona ny atao hoe ady sy disadisa? Inona no antony mahatonga ny ady sy disadisa?	Ny rehetra
9h30 – 10H	Inona ny andraikitra raisin'ny kaominina momba ny ady sy disadisa?	Ny rehetra
10h- 10h15	Pause cafe	
10h15- 12h 30	Fandravonana ady sy disadisa	Ny Mpampiofana
12h30 – 13h	Fanontaniana sy valiny	Ny rehetra

13h- 14h	Sakafo
Fotokevitra sy politika hahatongavana amin'ny Miralenta	

14H-14H30	Filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paikady	Mpampiofana
14h30-15h	Tatitra sy antontan'isa manavaka ny ny vehivavy sy ny lehilahy	Ny rehetra
15h-16h	Fanaovana teti-bola hirosoana amin'ny Miralenta	Ny rehetra
	Androfaha 3	
8h 30 – 9h	Famintinanaireolohahevitranataoandrovoalohanysyfaharoa	Mpiofana
Miralentasynyfiarian-karena		
9h -10	Nyasatsyandraisan-karamaataon'nyvehivavy	Mpampiofana
10h -10h 15	**Pause café**	
Fampandrosoanany toe-karenaifotony		
10h 15 – 12 h 30	MiralentasyfampandrosoananytoekarenaIfotony Paik'adyhampandrosoananytoe-karenaifotony	Mpampiofana
12h 30 – 13 h	Fanontanianasyvaliny	Nyrehetra
13h – 14h	**Sakafo**	
Fampandrosoanamaharitra (fiovan'nytoetrandro)		
14h – 15h	Famaritana / fampahafantaranafototra Fiatraikan'nyfiovaovan'nytoetrandroamin'nymiralenta	Nympampiofana
Herisetra GBV		
15h -15h 30	IreofepetrafototramombanyHerisetra GBV aoamin'nyFifanarahan'ny SADC MombanyMiralentasynyFampandrosoana	Nytmpampiofana
15h 30 – 15h 45	Tombana	Nympampiofana
15h 45 – 16 h	Fanomanananydinganafaha 3: Fitadiavanapaik'adyahazoanaolona 300 Fizaranaandraikitraamin'nyfamenoananytaratasyfanadihadian asyfanampianaireoolonatsymahaymanoratranefatehaneohevitra.	Nyrehetra
16 h	Famarananaamin'nyfombaofisialynyfiofanana	Ben'ny Tanana

TOVANA B : FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

Fandaharana: Stage 4
Kaominina: Amboasary Atsimo
Firenena: MADAGASCAR
Daty: 10- 12 Jolay 2014
FICHE DE PRESENCE

N°	Anarana & Fanampiny	SEXE	Toeram-piasana sy asa atao	TEL	E mail
1	VAVINIRIKO JOLIETTE	F	MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA	033 63 183 71	
2	MIONONTSOA OLIVIER	H	MPAMPIANATRA Président Association DES JEUNES	033 41 990 54	
3	RAZAFINDRELOMOTRA MAMALISOA FLORENT	H	MPAMPIANATRA	033 18 413 59	
4	SOLO	H	-	033 91 696 57	
5	FANAMPISOARIMANANA CELESTINE EDWIGE	F	MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA	033 40 638 00 034 01 020 40	
6	HAMINEE BRISALUDHELLE	F	PAIRE EDUCATEUR AMBOASARY SUD	033 91 695 75 034 73 182 76	
7	SIJA ESTELLE	F	SECRETAIRE COMPTABLE A LA CU AMBOASARY SUD	033 04 365 19	
8	HORAHAE FIDELINE	F	VICE PRESIDENTE DU FKT TANAMBAO AMBOASARY SUD	033 41 263 12	
9	ZARASOA DELPHINE	F	SECRETAIRE DACTYLOGRAPHE		
10	RAVONJISOA BERTHILE IDA	F	MATRONE	033 09 753 45	
11	TEMA ELVINE	F	EXECUTIF COMMUNAL PARAJURISTE	032 44 684 11	
12	VAHA CLAUDINE	F	MPAMPIANATRA A BEHARA	033 07 314 42	
13	ARDOLINE	F	MPIVAROTRA A BEZARA (an-tsena)	033 85 485 40	
14	MASY RASOANIRINA GEORGETTE	F	MPANENTANA	033 68 132 49	
15	ZAFIANDAHARA LALA TAVILAHY	F	MENAGERE	033 09 156 14 034 25 817 18	
16	SOLONANDRASANA MODESTINE	F	ASSOCIATION VEHIVAVY MIVOATSE AMBOASARY ATSIMO PRESIDENTE	033 17 818 11 032 81 436 11	
17	RAZAFINDRATOMBY	F	MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA	033 03 307 58	

	BREZNELLAT ALBINE				
18	RANDRIANOMENA M ANGELIN GARRY	H	PRESIDENT ASSOCIATION DES JEUNES AJDM	033 01 580 96	
19	HARENASOA LILLY HORTENCIA	F	POLICE MUNICIPALE AMBOASARY SUD	033 73 815 10	
20	REBOZA SOLANGE	F	CISCO BCAF	033 04 197 41 034 68 271 35 034 05 578 23	
21	FAFIRANOSOA NOHASOAVINA LAHIARIVO	F	ADJOINTE AU CHEF DE DISTRICT AMBOASARY ATSIMO	032 84 409 72	
22	MANA REHASA	H	ADJOINT AU MAIRE A LA CU AMBOASARY ATSIMO	033 21 815 85	
23	ROUSSELLE LANDISSE	F	MPANAMORA	034 25 815 25	
24	RAZAFITSARANDRO NORLINE	F	MPANAMORA	032 02 344 30 033 21 759 66 034 45 188 84	
25	RASOLOARIVELO PERLINE ENDOR	F	PHARMACIENNE FACILITATRICE	033 12 414 98 034 12 222 16 032 72 292 17	

Stat:

Lahy	5	20%
Vavy	20	80%
TOTAL	**25**	**100%**

Tovana D– Famintinana ny tomban'ny atrikasa

TOMBANA

Sexe	☐ Lahy 05 ☐ Vavy 20					
Firenena	Madagascar					
Kaominina	AMBOASARY SUD					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30 ☐ 5	31- 40 ☐ 6	41 - 50☐ 5	51 – 60 ☐ 6	60 + ☐
Fianarana	Ambaratonga voalohany ☐ 2	Ambaratonga faharoa☐16	Oniversite ☐ 4	Fanofanana ara-kasa ☐	Fampianarana olon-dehibe ☐	

FANDAHARANA	ISA
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	8,54
2. Votoatin'ny fandaharana	8,88
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	8,90
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	9,54
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	8,95
6. Vokatra azo	8,97
7. fanajana nyfandaharam-potoana	8,22
8. fahalalana azon'ny mpiofana	8,43
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	8,25
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns…	8,77

Fanamarihana

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**

- Ny fahaizan'ny mpampiofana manentana satria voaray ny tahiri-kevitra nampiasana
- Ny fandaharana nahafinaritra dia ny ady sy ny disadisa satria mivoaka tsar any fampitana ny hevitra momba ny ady sy ny disadisa
- Tena nahafinaritra
- Izy rehetra izay natao teo. Betsaka ireo zavatra tsy dia nananana fahalalana firy no nivoitra tamin'ity fandaharana ity, ka tokony hitohy hatrany
- Nahafantarana ny zavamisy iainana ankapobeny
- Ny miralenta sy ny fihariankarena satria finaritra aho satria mitovy zo ny lahy sy ny vavy, tsar any fihariankarena satria raha mianatra lavitra ny ankizy dia mba misy ny ho enti-manana
- Ny fotokevitra ny politika ahatongavana amin'ny miralenta
- Ny violence basée sur le genre
- Ny miralenta sy ny fampandrosoana maharitra satria azo azo ampiharina amin'ny fiainana andavan'andro
- Ny fanazavan'i Mme Perle satria mahay manazava ny zon'ny Vehivavy @ miralenta
- Asambaomiera satria samy mandray anjara ny tsirairay
- Asa antsehatra satria mampiasa saina
- Fampandrosoana ny toekarena eny ifotony satria antoky ny fiainan'ny olombelona

- Ny fahaizan'ny mpampiofana sy ny mpiofanamifanakalo hevitra ary mifanaja
- Seho sehatra momba ny tontolo iainana

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao? Antony?

- Ny raiki-tapisaka satria ahitana ny toetra novolen'ny fiaraha-moniny
- Fanaovana tetibola hirosoana @ miralenta satria maro no tsy misy vola hampidirina, satria tsy dia miantraika loatra amin'ny mpiofana nohon'izy miompana amin'ny tetibolan'ny kaominina
- Tena nilaiko aby satria ilaina @ fitondrana ny fiainana sy tokantrano ary ny fifampitondrana
- Tsy misy firy ny tsy nilaina, samy ilaina daholo izay fandaharana rehetra natao teo
- Tatitra sy antontan'isa manavaka ny vehivavy sy ny lehilahy satria tsy fantatra ny isan'ny lehilahy sy vehivavy izay atao tombana
- Ny ora fidirana satria tsy tonga amin'ny voafaritra ny mpiofana

3. Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto?

- Manentana sy mizara traikefa amin'ny manodidina sy ireo tsy mahalala mba hampandray andraikitra ny vehivavy
- Manao discution participative
- Manao fanentanana isam-pokotany, ny ankohonana sy ny mpiara-miasa, amin'ny mpiara-mivavaka
- Mampahafantatra ny tsirairay ireo fahalalana izay noratovina nandritra ny fotoana 3 andro
- Manentana any amin'ny haino aman-jery
- Tena afaka mampihatra ary hampita koa amin'ireo namana
- @ alalan'ny fampiofanana sy asa ary fitondran-tena
- Ny filatsahako ho fidina ben'ny Tanana
- Zaraina amin'ny mpiara-mikambana sy ireo reninjaza miara-miasa amin'ny commune 6

Fanamarihana hafa?

- Vonoina ny finday
- Mananga-tanana rehefa hiteny
- Hajaina ny fotoana
- Ny mbola hidirana lalina kokoa, hitohizan'ny fampianarana
- Tokony hihoatra bebe kokoa ny folakandro mba hamosahana ireo hevitra rehetra tokony hivoaka
- Tokony tsy ho ela dia hotohizana ity formation ity
- Amin'ny manaraka ataovy moihoatra noho izaoatao matetika ny fampiofanana mba hahatsiahy azy matetika tsy hatoritory. Ary tena nahafa-po ny fianarana indrindra fa ny fampianaran'I Mme Perle
- Tsy ampy ny indemnite
- Fanatanterahana am 2015
- Entanina ny vehivavy mba hiditra amin'ny fikambanana
- Tokony ny mpiofana rehetra teto no mbola tafiditra amin'ny module manaraka mba hahafantatra ny ezaka nataony sy ny fahalalana azony momba ny miralenta
- Omena 300 fiche koa ny fikambananay « ampela mitraoke » mba ho zaraina
- Mila fiofanana koa ireo sisa
- Vonona hiatrika ny fiofanana amin'ny manaraka